CONSEIL DE DÉVELOPPEMENT D'ANDOHATAPENAKA

TSY ARITRA IFAMPITAIZANA

« AMPERIN-KABARY » FA TSY « AMPERIN'ASA »

« Amperiny » … izay no ilazan'ny Malagasy ny olona eo am-panaovan-javatra iray. Fandre mahazatra indrindra amin'izany ny hoe « amperin'asa » anondroana olona eo am-panaovana asa. Mety manavao maso sy sofina ihany kosa ny hoe « amperin-kabary », nefa dia izay aloha no mandrakotra vaovao ankehitriny. Tsy mba ny kabarin'andriana fahiny, na izay nolazaina ho « kabary ambony vavahady » fa dia kabary an-kianja sy an-dalambe. Mahavory olona ireny, nefa tsy misy mahasamihafa ny votoatiny amin'izay « lango malefaka » mety hitetezam-baravarana any ho any ihany koa satria samy resaka natao hambabo fo sy hampirona safidy hiantefa aman'olona iray tian-ko lany.

Tsy mitovy anefa ny hery raha ny kabary sy ny fisehoana no andrefesana ny tanjaka sy hanombanana « riziky » (teny malagasy matetika disoina na tononina ho erjika hilazana tombam-bintana). Misy izay mitety tany, tsy mitsahatra miteny fa misy kosa any ho any, minia maneho ny fahendreny amin'ny toa fahanginana. Fandresen-dahatra anefa no heverina fa antoky ny fandresem-bato. Saingy izy ireny angamba miasa mangina amim-panantenana fa « hisoko mangina toa ron-gisa » ka tsy hifaninana amina « gisa avo feo » (fa eto am-pitadiavana « gisa mainty » hoe isika).

Mitovy lenta àry ve izany ny « miasa mangina » sy ny « mikabary mitabataba ». Asà fa nifampitaizana hatreto ny hoe « asa fa tsy kabary ». Voin-tenan'izay tsy mikabary sa tombony ho an'izay tsy maty am-bavany. Dia hatraiza amin'izay finari-bavany ihany koa anefa no azo avahana tsy ho isan'irony hoe « kobaka am-bava ». Asà fa « safidy masina tsy azo vidiana na terena » ny zon'ny olom-pirenena tsirairay manan-jo hifidy. Irariana ny hahitany izay « mahay mikabary iray volana fa mahay miasa dimy taona » … ho an'ny tombontsoa ambonin'ny firenena !

Hervé RAKOTOZANANY

CDA TETIKASA PBG / AIC

RAISO AN-TANANA NY TANÀNA !

Sehatr'asa iray imasoan'ny mpitantana ny tetikasa « fitondrana tsara tantana hatreny ifotony » sahanin'ny CDA ny fanofanana sy fanomezam-pahalalana ireo mpisehatra fiainam-piaraha-monina hoentiny mandray an-tanana ny fampivoarana ny tanànany sy ny mponina ao aminy. Fiantraika mivantana azo tsapain-tanana sy azo aroso ho modely izay mitranga ankehitriny ao amin'ny Fokontany Andohatapenaka II.

Nivory ka nandrafitra ny lisitr'ireo olana heverina ho tsy mampandroso io fokontany io ireo mpisehatra ifotony ary niroso tamin'ny fikaroham-bahaolana avy hatrany. Vahaolana naroson'izy ireo ny mpitantana ny fokontany, avy amin'izany fiaraha-midinika izany, hampihenana ny tsy fandriam-pahalemana, ny hanovana hitovy loko ny takelaby misy ny laharan-trano fonenana hiavahana amina trano mety mifanila nefa hafa fokontany. Fomba iray hanamarinana ny isa sy ny mombamomba ny mponina rahateo anatina « fiche » vaovao hivoaka alohan'ny faran'ity taona ity hahalalana ireo tsy manana taratarasy fifindra-monina, ireo mpanofa trano tsy nifanarahana tamin'ny tompon-trano, ireo trano tsy nahazoana alalana fanorenana Hivoaka avy amin'izany koa ny amin'ny fanefan'ny isan-tokantrano ireo adidy manandrify azy eo amin'ny fokontany. Eo amin'ny lafiny fahadiovana kosa indray dia hiara-hiasa mivantana amin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo ny amin'ny fanentanana ny olona sy ny isan-tokantrano hanana lava-piringa izy ireo.

Tohana no an'ny CDA fa an'ny fokonolona eny ifotony no mandray an-tanana ny ho avin'ny tanànany

Navoitran'io fivoriana io ihany koa ny finiavana hampangarahara ny fitantanana eo anivon'ny fokontany ka nitakiana ny hanaovana lisitra ny fananam-pokontany. Efa nanaiky rahateo ny sefo fokontany, raha nitondrana ny tatitra ny 24 Septambra teo, fa hampahalala amin'ny alalan'ny afisy ny fivoaran'ny toe-bolam-pokontany isam-bolana. Isaky ny sabotsy nanomboka ny 06 Oktobra teo kosa no tetiandro nalahatra hitetezana ireo faritra na secteurs dimy mandrafitra ity fokontany ity hanaovam-panentanana ny mponina ny amin'ireo paikadim-pampivoarana ny fiainam-piaraha-monina ireo

Alpha-star

CDA TETIKASA PBG / AIC

FIOFANANA HO AN'NY RAHARAHAM-PIFIDIANANA

Mitohy hatrany ireo fiofanana ho fanohanana ny firotsahan'ireo mpikamban'ny Cellule de veille amin'ny fanentanana ny mpiara-belona handray ny andraikiny faritan'ny ny zony amin'ny raharaham-pifidianana. Ny alarobia 03 Oktobra teo, andro vitsy nialoha ny nanombohan'ny fampielezan-kevitra ho amin'ny fifidianana izay ho filoham-pirenena hotanterahina ny 07 Novambra ho avy izao àry no nihaonan'izy ireo tamina mpandraharaham-pifidianana. Andriamatoa Zo RAZAFINDRAKOTO avy amin'ny SAMIFIN sy Ramatoa Safidy RANDRIAMIARANA avy amin'ny CENI ary Ramatoa Voahangy RAVELOSON avy amin'ny KMF/CNOE no vahinin'izy ireo tamin'izany.

Ny fampahalalana ny SAMIFIN sy ny antom-pisiany ary izay andraikitra manandrify azy amin'izao raharaham-pifidianana izao no niandohan'ny dinika. Tamin'izany no nampahalalana ireo mpisehatra ifotony ny amin'ireo andinin-dalàna efa nisy hatrizay niorenan'ity sampan-draharaham-panjakana misahana ny ady atao amin'ny famotsiam-bola ity sy izay vao narafitra tanatin'ny lalàm-pifidianana vaovao. Isan'ny nivohitra anatin'ireny ny fanadihadiana ny loharanom-bola hoentin'ny mpilatsaka ho fidiana tsirairay mampiely hevitra, ny fanaraha-maso ny fampiasana izany anatina mangarahara ho isan'ny antok'ilay fanamby hoe « fifidianana madio ».

Momba io lalàm-pifidianana io indrindra sy izay ifandraisany amin'ny zotram-pifidianana mialoha sy mandritra ary aorian'ny andron-datsa-bato kosa no niompanan'ny fampahalalana nentin'ny avy ao amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana. Nentanina manokana ny hidiran'ireto mpisehatra ifotony ireto ao anatin'ny Biraom-pifidianana (Bureau Electoral) dia ireo olona hisahana ny fampandehana ny raharaha any anatin'ny Birao fandatsaham-bato (Bureau de vote) amin'ny androm-pifidianana. Toy izany koa ny fampirisihana hisehatra ny fanaraha-maso ny fifidianana hatramin'ny andron'ny fampielezan-kevitra. Nibahan-toerana tamin'ny fifanakalozana teto ny momba ny lisitry ny mpifidy izay mahabe resaka ny maro hatramin'izao ary nitoeran'ny ahiahy sy ny tsy fahalalan'ireo mpiofana rahateo koa.

Midina hatreny ifotony manampy ny mpisehatra raharaham-pifidianana ny eo anivon'ny CENI

Namarana ny fiofanana kosa ny fiaraha-midiniky ny samy mpisehatra fiainam-piaraha-monina raha nitafa tamin'ny solontenan'ny Komity Mpanara-maso ny Fifidianana ireo mpitily anivom-piaraha-monina. Fijery mahitsy, fijery mitovy teto no nanombanan'ny roa tonta ny fahalalana sy ny fahavitrihan'ny olom-pirenena amin'izao raharaham-pfidianana izao.

Hery ROMEO

CDA TETIKASA PBG

ZARA-TRAIKEFA

Tsy mihanona amin'izay sehatr'asam-pampivoarana fiainam-piaraha-monina eo an-toerana fotsiny ny CDA fa miezaka ny hifampizara izany amin'ny hafa ihany koa. Endrika iray naneho izany, ny 26 Septambra lasa teo, ny fifampizarana ireo « traikefa tsara » (bonne pratique) tamin'ny solontenan'ny CRAAD-OI (Centre de Recherche et d'Appui pour les Alternatives de Développement – Océan Indien) na ilay Ivontoeram-pikarohana sy fanohanana ireo vahaolana ho an'ny fampandrosoana.Ireto farany izay nizara tamin'ireo mpisehatra ifotony ny amin'ny antom-pisiany, ny tanjony sy ny vinany ary ny traikefany. Tamin'izany no nanamafisan'izy ireo fa ilàna paikady ny fitondrana irony « ady sisika » (plaidoyer) irony mba hivadihany ho fahombiazana ka nanoritsoritany ny amin'ny tsy maintsy hikaroham-baovao sy hamototopotorana ny vaovao azo, ny tokony hahalalana izay olona na vondron'olona mety hanampy amin'ny ady atao ary ny mahazava-dehibe ny firaisan-kinan'ny vahoaka miara-mitaky fanovana sy fanavaozana.

Nialoha azy ireo kosa no nampahafantaran'ny CDA ireo traikefa tsarany dia ny amin'ireo « ady sisika » roa nikirizany tan-taona maro hatreto. Ady sisika niainga avy amin'ireo olana hita natetika tanaty boatim-pitarainana dia ny amin'ny famerenan-kasina ny lehibem-pokontany. Efa tany amin'ny taona 2015 no niadian'ny CDA sisika ny amin'ny lehibem-pokontany. Isan'ireo andininy 12 voarakitry ny fehin-kevitry ny ady sisika efa naterina hatramin'izany any amin'ny Ministeran'ny Atitany ohatra ny amin'ny tokony hifidianan'ny mponina mivantana ny Lehibem-pokontany sy ny fanatsarana ny tambin-karaman'izy ireny ary ny fampidirana ny fanabeazana olom-pirenena amin'ny fandaharam-pampianarana.

Ady sisika faharoa nifampizarana traikefa tamin'izay kosa ilay raharaham-pandoroana tara ankalamanjana nampitaraina ny mponina hatramin'ny taon-dasa. Nody ventiny ny rano natsakaina rahefa nivoaka ny didim-pitondrana nosoniavin'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo renivohitra nampiato io asa io ka nirosoana tamin'ireo dingam-panakatonana. Ny 23 Septambra lasa teo no tonga teny an-toerana nanantateraka ny fombafombam-panakotanana ny vadintany mpampihatra didy nomban'ny mpitandro filaminana .

Ikotofils